Sahy Nanao ny Tsara Izy

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.
Mpandray anjara: Baroka sy Jeremia ary ny andriana tao Joda
Famintinana: Nanoratra an'izay teny nolazain'i Jeremia i Baroka, ary namaky mafy an'izany tamin'ny andriana tao Joda.

1 ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY JEREMIA 36:4-32.

Hoatran'ny ahoana, araka ny hevitrao, ilay "efitra fisakafoan'ny mpitan-tsoratra" nisy ny andriana rehetra?

Araka ny hevitrao, inona no tsapan'i Baroka tamin'izy namaky ny tenin'i Jeremia tamin'ireo andriana?

Mety ho hoatran'ny ahoana ny feon'ireo andriana rehefa niresaka tamin'i Baroka izy ireo? (Jereo ny andininy 16-19.)

2 FAKAFAKAO ILAY TANTARA.

Tsy indray mandeha fa indroa be izao i Baroka no nanoratra ny tenin'i Jeremia "tao amin'ilay horonam-boky." Araka ny hevitrao, nahoana izany no sarotra be taminy? (*Vakio indray ny Jeremia 36:4, 32.*)

Nahoana i Baroka no mety ho natahotra rehefa hanoratra sy hamaky ny faminanian'i Jeremia teo anatrehan'ny olona? (Vakio ny Jeremia 26:8.)

Nahoana no nasain'i Jeremia novakin'i Baroka tamin'ny olona ilay faminaniana, nefa efa aman-taonany i Jeremia no niresaka an'ilay izy tamin'izy ireo? (*Vakio indray ny Jeremia 36:7.*)

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 AMPIHARO IZAY NIANARANAO.

Soraty eto izay nianaranao momba an'ireto:

Nahoana ny mpanompon'Andriamanitra no tokony ho sahy hanao ny tsara?

_____

_____

Inona no valisoa omen'i Jehovah Andriamanitra an'izay sahy manao ny tsara?

_____

_____

4 ERITRERETO IZAO:

Rehefa inona aho no tena mila sahy manao ny tsara?

_____

_____

Rehefa menamenatra aho na matahotra, inona no azoko atao mba ho sahy hanao ny tsara foana aho? (Vakio ny Filipianina 4:6, 7.)

_____

_____

Inona no hitako hoe tena mahasoa ahy amin'io tantara io? Nahoana?

_____

_____

_____

_____

Soso-kevitra: Ataovy toy ny hoe vaovao amin'ny tele na radio ity tantara ity, ary toy ny hoe mpanao gazety ianao. Tantarao izay nitranga. Adinadino ireo olona misongadina ato sy ireo nahita an'izay nitranga.



JW.ORG™

Azo alaina ao amin'ny www.jw.org/mg ity PDF ity

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania